

## I MADAGASIKARA

I Madagasikara dia Nosy eo atsimo atsinanan'i Afrika, ao anaty Ranomasimbe Indianina. Tany midadasika tokoa i Madagasikara satria manana velarana 592.000km<sup>2</sup>. Misy mponina 25.000.000.

Manan-karena tokoa i Madagasikara satria maro ireo harena ao anaty rano toy ny trondro, ny drakaka. Misy ao anaty rano koa ireo biby faran'izay kely ary ireo biby lehibe.

Misy koa ireo harena eo ambonin'ny tany : ny zava-maniry, ny biby isan-karazany, ny vohontany sy ireny rano mikoriana ireny. Manjary toerana fitsangatsanganana ireny toerana ireny raha voakarakaran'ny olona tsara.

Maro koa ny harena any ambanin'ny tany toy ny vato sarobidy, ny vy, ny volamena, ny volafotsy sns...

Manana renirano maro i Madagasikara : Betsiboka, Sofia, Mangoky...Mahavokatra i Madagasikara satria maro ny toerana misy rano eto amintsika.

Mpamboly sy tantsaha ny ankamaroan'ny mponina.

### Fanontaniana

- 1- Firy ny velarantanin'i Madagasikara ?
- 2- Firy no isan'ny mponina ao ?
- 3- Nosy faha-firy eto amin'izao tontolo izao i Madagasikara amin'ny habeny ?
- 4- Inona avy ireo harenan'i Madagasikara ?
- 5- Milaza karazana harena telo misy ao anaty ranomasina.
- 6- Milaza renirano 5 any amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara, renirano 3 any amin'ny faritra atsinanana.
- 7- Iza no renirano lava indrindra eto Madagasikara ?
- 8- Iza avy ireo renirano manondraka ity faritra avaratra andrefana ity ?
- 9- Inona no ilazana fa mpamboly ny ankamaroan'ny mponina eto Madagasikara ?
- 10- Ataovy an-tsary ny vazantany efatra (les points cardinaux).
  
- 11- Alamino ho tonga fehezanteny ireto teny ireto :
  - tsara milomano mahay i Vero.
  - ny zazakely matory.
  - seza mipetraka eo ambony izy.
  - eo am-baravarana mitsangana i Lita.
  - aho misy mamaky boky sarim-biby.
  - anaty harona ny akohokely mitsambikina.